

Mivavaha ho an'ny Fiadanana ao Jerosalema

Mivavaha ho an’ny fiadanan’i Jerosalema: “Hambinina anie izay tia anao.”



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ao amin’ny Genesisy 12:2–3, dia mamaky ny fampanantenan’Andriamanitra tany am-boalohany tamin’i Abrahama isika rehefa Izy nilaza taminy mba handao an’i Oran’ny Kaldeana izy ka hankany amin’ny tany hafa:

> “Dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa hianao; ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.”

Ny vahoaka Jiosy no vato fehizoro hitsarana ny firenena hafa rehetra. Manome fampitandremana momba izany ny Soratra Masina:

> "Aoka ho menatra sy hiamboho Izay rehetra mandrafy an’i Ziona" (Salamo 129:5)

Na izan’iza manohitra ny fikasan'Andriamanitra momba ny famerenana amin'ny laoniny an'i Ziona dia ho menatra sy hihemotra. Ny firenena no mamaritra ny hoaviny amin’ny alalan’izay havaliny manoloana ny famerenana amin’ny laoniny ny vahoakan’Andriamanitra.

Misy teny fikasana tsara sy fampanantenana mahazatra ny amin’ny fitahiana ho an’ireo izay mampifanaraka ny tenany amin’ny fikasan’Andriamanitra momba an’i Jerosalema, Isiraely, ary ny vahoakan’Andriamanitra hita ao amin’ny Salamo 122:6:

> “Mangataha fiadanana ho an’i Jerosalema: Hambinina anie izay tia anao.”

Tsy afaka manao toe-tsaina tsy mitanila isika ary milaza hoe: “Andao hojeren-tsika izay hitranga.” Tsy maintsy

© 2008 - Dries Du Plessis

mazoto mampifanaraka ny tenantsika amin’izay lazain’Andriamanitra ao amin’ny Teniny sy izay Ataony eo amin’ny tantara isika.

Ny fomba voalohany ahafahantsika manao izany dia amin'ny alalan'ny vavaka. Afaka mivavaka ho an’ny fiadanan’i Jerosalema sy ny hamerenana azy amin’ny laoniny isika — mba hahatonga an’i Jerosalema ho amin’izay rehetra nambaran’Andriamanitra ao amin’ny Soratra Masina izay tokony maha izy azy. Ho an’ireo izay mivavaka sy miahiahy, dia izao no fampanantenana: “Hambinina izay tia Anao.”

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny fitahiana Nampanantenainao ho an’ireo izay tia an’i Isiraely. Manambara aho fa hambinina ireo izay mivavaka sy miahy an'i Jerosalema. Mivavaka ho an'ny fiadanan'i Jerosalema aho: "Hambinina anie izay tia anao", amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★
Fandikana: WD-B097-274-MLG
Nohavaozina farany: 16 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

